# LALANA LAHARANA FAHA- 94-038
# MIKASIKA NY MASOMBOLY NA AMBIOKA

-----------------------------------------------

Ny Antenimierampirenena no nandany tamin'ny fivoriany ny 9 desambra 1994,
Ny Filohan'ny Repoblika, araka ny fanapahana laharana faha-15-HCC/D.3 tamin'ny 28 desambra 1994, dia mamoaka hanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy,

**LOHATENY VOALOHANY**
**<u>FEPETRA ANKAPOBENY</u>**

Andininy voalohany. – Ity lalàna ity dia ampiharina amin'ny masomboly sy ireo zana-javamaniry (zana-kazo, zanak'anana, sns…) izay voatanisa ao amin'ny lisitry ny toko sy sokajin-javamaniry izay voalazan'ny didim-pitondrana avoakan'ny Minisitra miandraikitra ny Fambolena.
Ny Minisitra miandraikitra ny Fambolena dia mahazo alalana hanova ny anaran'ireo sokajin-javamaniry arakaraka ny fivoaran'ny fanomezana anarana siantifika.
And.2. – Araka ity lalàna ity dia antsoina hoe :
« *Ambioka sy zana-javamaniry »* ny zavatra azo avy amin'ny firaisan'ny lahimbony sy ny vavimbonin'ny zavamaniry na tsia amin'ny fampitomboana azy toy ny voa, ny ampahan-javamaniry, ny zana-javamaniry ka ahazoana zavamaniry mitovy tsy misy hafa amin'ny iray « karazana », na tariky ny sokajy iray taminy.
« *Karazan'ambioka na masomboly iray tarika »* : zavamaniry iray sokajiny ambolena ka manana ny toetrany manokana azo anavahana azy amin'ny endrika ivelany, amin'ny fiaina, amin'ny sela, amin'ny simia na hafa karazana azo avy amin'ny firaisan'ny lahimbony sy vavimbony. Mandritry ny taranaka mifandimby dia voatahiry ireo toetra mampiavaka azy ireo.
And.3 – Ny masomboly sy ny zana-javamaniry izay volena dia sokajiana toy izao :
**« *Ambioka fiaingana* »** izay azo avy amin'ny rindrandamina araka ny fanatsarana izay mifantoka amin'ny tahiry ifandovana ka afaka manome indray ny maha-izy ny karazana iray.
Ny fampitomboana sy ny fikojakojana manokana ny « ambioka fiaingana » dia ataon'ny mpikaroka mpanatsara nahita azy na olon-kafa raha misy fahasamponany.
Avy amin'ny « ambioka fiaingana » no ahazoana ny « ambioka fototra sokajy voalohany ».
« ***Ambioka fototra sokajy voalohany*** *»* izay azo avy amin'ny « ambioka fiaingana », izay novokarina teo ambany fanaraha-mason'ny mpikaroka, mpanatsara nahita azy, na olon-kafa raha misy fahasamponany.
Avy amin'ny « ambioka fototra sokajy voalohany » no ahazoana ny « ambioka fototra sokajy faharoa ».
**« *Ambioka fototra sokajy faharoa* »** izay azo avy amin'ny « ambioka fototra sokajy voalohany » ka novokarina teo ambany fanaraha-mason'ny mpikaroka, mpanatsara nahita azy, na olon-kafa raha misy fahasamponany.
Io « ambioka fototra sokajy faharoa » io dia tsy maintsy voamarina araka ny fombafomba fanamarinana masomboly ka mahafeno ny fepetra farafahakeliny ilaina avy amin'io « ambioka fototra sokajy faharoa » io no ahazoana ny « ambioka voamarina ».
« ***Ambioka voamarina*** *»* izay azo avy amin'ny « ambioka fototra sokajy faharoa » ka voamarina araka ny fombafomba fanamarinana masomboly ary mahafeno ny fepetra farafahakeliny tadiavina.
« *Ambioka tsotra »* izay masomboly hafa rehetra tsy tafiditra ao amin'ireo sokajy voatanisa etsy ambony.
And ;4 – Ny sokajin'ny masomboly sy ny zana-javamaniry tondroin'ity lalàna ity dia ireto : ambioka fiaingana, ambioka fototra sokajy voalohany, ambioka fototra sokajy faharoa, ambioka voamarina, ambioka tsotra.

## LOHATENY FAHAROA
## ANDRIM-PITONDRANA

And.5 – Ny minisitera miandraikitra ny Fambolena dia omena ireto anjara asa ireto :
a..Mirakitra an-tsoratra ny karazana masomboly ;
b .Mitana ny boky sy ny rejisitra raiketin'ity lalàna ity sy ireo rijan-teny fampiharana azy ;
d. Manatanteraka ny asa fanamarinana sy ny fanaraha-maso ny hatsaran'ny masomboly voafaritr'ity lalàna ity sy ireo rijan-teny fampiharana azy ;
e. Izay rehetra mety ho andraikitra ilaina eo amin'ny hahatomombana ny fanatanterahana ireo zava-kinendrin'ity lalàna ity.
And.6 – Atsangana ny sampandraharaham-panjakana misahana ny fanaraha-maso ny hatsaran'ny masomboly ka didim-pitondrana avoakan'ny Minisitra miandraikitra ny Fambolena no mamaritra ny fomba fiasany.
And.7. – Ajoro :

- Ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly izay hiandraikitra ny famakafakana ny politikam-pirenena momba ny masomboly, hanoro hevitra ny Minisitry ny Fambolena sy hanao tolo-kevitra mikasika ny fampivoarana ny fanapariahana ny masomboly.
- Sy ireo Filankevi-paritra momba ny masomboly izay hiandraikitra ny famakafakana ny politikan'ny masombolo isam-paritra avy.

And.8 – Ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly dia ahitana solontenan'ny :

- departemanta miandraikitra ny fambolena, rano sy ny ala ary ny fiompiana ;
- ny fikarohana ara-pambolena ;
- ny famokarana masomboly ;
- ny fanapariahana masomboly ;
- ny mpamboly.

Ny Filankevitra dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana avoakan'ny Minisitry ny Fambolena.
Ny Sekretaria maharitry ny Filankevitra dia iandraiketan'ny ny mpikambana iray ao amin'ny Filankevitra momba ny masomboly izay tendren'ny Minisitry ny Fambolena.
And.9 – Ny anisan'ny mpikambana sy ny andraikitry ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly dia faritan'ny didy amam-pitsipika.
And.10 – Ny anjara raharahan'ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly dia ireto avy :

a. Mandroso tolo-kevitra momba ny politikan'ny famokarana, fivarotana, ary ny fanamarinana ny masomboly ;
b. Mampivoatra ny fepetra rehetra ilaina amin'ny fitantanana mahomby ny seha-pamokarana masomboly ;
d. Manolotra volavolan-dalàna izay heverina fa ilaina ary ny fijerena indray ny lalàna efa nisy ;
e. Ny anjara raharaha hafa rehetra ankinina aminy.

And.11 – Ny fanatanterahana ny andraikitra iantsorohan'ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly dia tontosain'ny komity teknika manokana anankiroa : ny komity teknikan'ny fampidirana ao amin'ny boky sy ny komitin'ny mari-penitra ka ny anjara andraikiny sy ny fomba fiasany dia faritana mandritra ny fivoriambe voalohan'ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly.
And.12 – Ajoro ny bokim-pirenena momba ny karazan'ny zavamaniry volena. Io boky io dia tazonin'ny minisiteran'ny Fambolena ary ampanarahany ny toetr'andro.
And.13 – Ny masomboly sy ny zana-javamaniry voakasika (vokarina eto an-toerana na ampidirina eto, vokarin'ny orinasam-panjakana na ny tsy miankina ) ny fombafomba fanoratana na fanalana ny firaketana ao amin'ny boky dia faritan'ny komity teknikan'ny fampidirana ao amin'ny boky ka ny isany ary ny

fomba fiasany dia feran'ny didim-pitondrana avoakan'ny minisiteran'ny Fambolena araka ny tolo-kevitry ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly.

## LOHATENY FAHATELO
## FAMOKARANA SY FIVAROTANA

And.14 – Ny Fanjakana no miantoka ny zon'ny olon-tsotra na fikambanana handray anjara amin'ny asa fikarohana, famokarana, fikarakarana ary ny fivarotana ny masomboly sy ny zana-javamaniry araka ny voafaritry ny fepetra voalazan'ity lalàna ity ary ny rijan-teny fampiharana azy.
Mamporisika ireo olona ireo hanatanteraka izany koa izy.
And.15 – Eto amin'ny tanim-pirenena, ny famokarana sy ny fivarotana masomboly sy ny zana-javamaniry dia iandraiketan'ny orinasa misahana masomboly nahazo fankatoavana ara-teknika avy amin'ny Minisitry ny Fambolena.
And.16 – Ekena ho tonga orinasa mamokatra masomboly ny olon-drehetra na fikambanana mahafeno ny fepetra ara-teknika fidirana araka ny nameran'ny Minisitry ny Fambolena azy rehefa nanome ny heviny ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly.
And.17 – Ny fahazoan-dàlana tondroin'ny andininy faha-16 dia azo tsoahina na ahantona raha misy fandikana ny fepetra voalazan'ity lalàna ity na ny rijan-teny fampiharana azy.

## LOHATENY FAHAEFATRA
## FIAROVANA SY ZO FIAROVANA

And.18 – Ekena sy iantohana ny zom-piarovana ny nahita masomboly sy zana-javamaniry vaovao amin'ny alalan'ny zo fiarovana manokana. Ny antsoina hoe : mpahita masomboly dia izay antokon-draharaha na sosiety nanao fikarohana mikasika ny famoronana karazana ka nekena ny fanoratana an'izany ao amin'ny bokim-panjakana.
Ny fankatoavana sy ny fiarovana ny zon'ny mpahita dia omena ny olon-tsotra sy fikambanana izay miorim-ponenana na tsia eto amin'ny tanim-pirenena, na manana ny foibeny eto raha toa ireto farany mahafeno ny fepetra tsy maintsy arahina mba hahafahana manadihady ny karazana izay azony ary koa ny fanaraha-maso ny fampidirana eto an-toerana sy ny fampitomboana azy ireny.
And.19 – Ny fiarovana izay mety ho karazany iray dia azo raha vao voasoratra ao amin'ny bokim-pirenena ny sokajy sy ny karazam-boly volena voatondro ao amin'ny andininy faha-12 sy faha-13 amin'ity lalàna ity.
Ny fanoratana ao amin'ny boky dia miankina indrindra amin'ny fanatanterahana ny fepetra telo sosona amin'ny karazany :

- misongadina tanteraka ny mampiavaka azy amin'ny hafa amin'ny alalan'ny toetra iray na maromaro manan-danja ka ny fisiany amin'ny fotoana angatahana ny fiarovana dia neken'ny ny daholobe ;
- tsy miova ao amin'ny singa mampiavaka azy ; ary
- antonony tsara ny fitoviany hatrany.

And.20 – Ny zo omena ny mpahita dia mamela azy hanome mialoha ny fahazoan-dalana amin'ny :

- famokarana entam-barotra ;
- fivarotana ;
- fandafosana ;
- fikojakojam-pananahana na fampitomboana araka ny maha-izy azy an'ilay karazany.

Tsy ilaina ny fanomezan-dalana ny mpahita :

a. Momba ny fampiasana ny karazana ho toy ny loharanom-piovana ho amin'ny famoronana karazana hafa vaovao, na momba ny fivarotana iretsy farany.
b. Ho an'ny mpamboly maniry hampitombo ho an'ny tenany manokana ny karazana azo tetsy aloha.

And.21 – Ny zo omena ny mpahita dia manan-kery mandritra ny folo taona manomboka amin'ny vaninandro anomezana ny zo fiarovana.

## LOHATENY FAHADIMY
## FANAFARANA SY FANONDRANANA

And.22 – Izay olon-tsotra na fikambanana manao ho anton-draharaha ny fanafarana masomboly eto amin'ny tanim-pirenena dia tsy maintsy :

a. Voarakitra ao amin'ny rejisitry ny Filankevi-pirenen'ny masomboly ; ary
b. Manana fahazoan-dalana hanafatra any ivelany.

And.23 – Mba hahazoana ny firaketana ao amin'ny rejisitra, mba ho mpanafatra masomboly, ilay voakasika dia tsy maintsy manao fangatahana ao amin'ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly ka ahitana ireto filazalazana manaraka ireto :

1. Anarana sy anaram-pikambanana, famantarana sy adiresin'ny mpangataka ;
2. Sonian'ny mpangataka voamarina sady notoavina ;
3. Filazana ny masomboly kasaina hafarana ary antony hanafarana azy.

And.24 – Ny masomboly kasaina hafarana dia tokony hahafeno ireto fepetra manaraka ireto :

a. Tsy maintsy mifanaraka amin'ny fenitra ara-pahasalamana faritan'ny Foibe fiarovana ny zavamaniry ao amin'ny ministeran'ny Fambolena ;
b. Tsy maintsy mifanaraka amin'ny fenitry ny fahatsarana faritan'ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly voakasika ary ny sokajy misy azy indrindra ;

d. Izay mety ho fepetra hafa faritan'ny Filankevi-pirenen'ny masomboly.

And.25 – Raha vao tanteraka ny fepetra takiana ery amin'ny andininy faha-23, ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly dia mahefa hanome alàlam-panafarana izay mety ho tsipahina raha toa tsy mifanaraka amin'ny fepetra manan-kery.

And.26 – Ny fanondranana masomboly dia tsy azo tanterahina raha tsy misy fanomezan-dalana avy amin'ny Filankevi-pirenena momba ny masomboly izay manamarina fotsiny ny filazalazana voasoritra amin'ny fivarotana any ivelany ireo vokatra ireo.

## LOHATENY FAHAENINA
## FANAMARINANA SY FANARAHA-MASO

And.27 – Ny fanamarinana sy ny fanaraha-maso ny hatsaran'ny masomboly dia andraikitry ny Sampan-draharaham-panjakana misahana ny fanaraha-maso ao amin'ny minisiteran'ny Fambolena.

And.28 – Ny mpanara-mason'ny Sampan-draharaham-panjakana misahana ny fanaraha-maso dia vita fianianana. Manao fitsidihana sy fakana santiona na eny an-tsaha na eo am-panodinana, na an-trano fitahirizana, na eny am-pitaterana, na eny am-pivarotana, na aiza na aiza amin'ny fotoana rehetra. Azon'izy ireo atao ny mangataka ny manampahefana tompon'andraikitra handraoka ny tsinjaran'ny masomboly izay heverina ho tsy ara-dalana.

## LOHATENY FAHAFITO
## FANDIKAN-DALANA SY SAZY

And.29 – Antsoina hoe fandikana atao amin'ity lalàna ity ireto zavatra manaraka ireto :

1. Ny fivarotana ambioka voamarina :
   a. Izay lazaina fa ambioka fototra sokajy faharoa, voarakitra ao amin'ny rejisitra na voamarina nefa misy fitaka ;

b. Izay tsy mitondra famantarana manokana mifanaraka amin'ny fenitra ny fahatsarana voatondro ;
c. Ka ny valin'ny fitiliana ny fahadiovany na ny fitsiriny dia diso na misy hosoka ;
d. Ary hita fa lany andro rehefa nojerena ny fahafahany mitsiry.

2. Ny fanovana omban'hosoka ny famantarana manokana izay didin'ny lalàna hampiarahina amin'ny masomboly voamarina hatramin'ny ny fotoana ampiasana azy ;
3. Ny fanoloana fonosana ny masomboly voamarina aorian'ny nahafenoany ireo fepetra takiana teo amin'ny fitsirihana, ny fitiliana sy ny fanamarihana manokana raha tsy misy fanomezan-dalana manokana nomen'ny Filankevi-pirenen'ny masomboly hanao izany.

And.30 – Ny sazy azo ampiharina dia ireto manaraka ireto :

a. Lamandy 100 000 iraimbilanja ka hatramin'ny 5 000 000 iraimbilanja miaraka amin'ny fandraofana ny masomboly sy ny zana-javamaniry anton'ny fandikan-dalana ; raha misy famerenana indray ataon'ilay voakasika dia hosaziana araka ny voalazan'ny andininy faha-473 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana izy ;
b. Fampihantonana ny fahazoan-dalana hanafatra mandritra ny fotoana tsy mihoatra ny enim-bolana ;
d. Fanesorana tanteraka ny fahazoan-dalana.

## LOHATENY FAHAVALO

## <u>FEPETRA FARANY</u>

And.31 – Foanana ireo fepetra teo aloha mifanohitra amin'ity lalàna ity. Na izany aza ny fepetra, ny rijan-ten'ny didy amam-pitsipika tsy mifanohitra amin'ity lalana ity ary mifandraika amin'ny tanjona kinendry aminy dia fampihatra hatrany, mandra-pisian'ny famoahana rijan-teny manan-kery fampiharana azy.

And.32 – Ity lalàna ity dia havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana ity.

Avoaka hanan-kery, Antananarivo ny 3 janoary 1995

Pr. ZAFY Albert.